# Lasa mpianatr'i Jesoa Kristy

TESTAMENTA VAOVAO: BOKY TOROLALANA HO AN'NY SEMINERA

## Mitondra ny hazofijalianao

Vakio ny Lioka 9:23, ary tadiavo ny zavatra izay takin'ny Mpamonjy mba hahatongavana ho mpianany.

- Inona ny zavatra ampianarin'ity andinin-tsoratra masina ity momba ny fomba ahatongavana ho tena mpanompon'i Jesoa Kristy marina?

Ity andininy ity dia miresaka momba ilay hazofijaliana tena izy nentin'i Jesoa Kristy sy nizakany fijaliana mba hanatanterahana ny sitrapon'ny Rainy. Na dia tsy asaina mitondra hazofijaliana tena izy tahaka ny nataon'ny Tompo aza isika, dia angatahina isika mba hanaraka Azy amin'ny alalan'ny fanatanterahana ny sitrapon'ny Ray any An-danitra ho antsika na dia rehefa sarotra aza ny manatanteraka izany.

Vakio ny Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 16:26 ary tadiavo ny dikan'ny hoe tokony hitondra ny hazofijaliantsika sy hanaraka an'i Jesoa Kristy isika.

Ny Loholona Ulisses Soares ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanazava ny dikan'ny hoe mitondra ny hazofijaliantsika.



> Ianarantsika amin'ny alalan'ny soratra masina fa ireo izay maniry ny hitondra ny hazofijalian'izy ireo dia tena tia an'i Jesoa Kristy ka handà ny tenany amin'ireo zavatra tsy araka an' Andriamanitra rehetra sy ny fitsiriritana ny zavatr'izao tontolo izao rehetra ary hitandrina ny didiny.
>
> Ny fahavononantsika hanary izay rehetra mifanohitra amin'ny sitrapon' Andriamanitra sy hahafoy izay rehetra angatahina amintsika ary hiezaka hanaraka ireo fampianarany dia hanampy antsika haharitra eo amin'ny lalan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy—eny na dia eo anatrehan'ny fahoriana, na ny fahalemen'ny fanahintsika, na ny faneren'ny fiarahamonina sy ireo fihevitra araka izao tontolo izao izay manohitra ireo fampianarany aza. (Ulisses Soares, "Mitondra ny hazofijaliantsika," *Liahona*, nôv. 2019, 113–14)

- Nahoana ianao no mila mandà ny tenanao manoloana ny zavatra rehetra izay mety ho tsy araka an' Andriamanitra na ny filan'izao tontolo izao eo amin'ny fiainanao?
- Amin'ny fomba ahoana no maha-toy ny hoe mitondra hazofijaliana ny fandavan'ny tenanao ny zavatra tsy araka an' Andriamanitra na ny fitsiriritana ny zavatr'izao tontolo izao?
- Ahoana araka ny eritreritrao no ahafahan'ny "fitondrana ny hazofijalianao" manampy anao ho tena lasa mpianatr'i Jesoa Kristy marina?

## Mahafoy ny ainao mba hamonjena izany

Vakio ny Lioka 9:24–25, ary tadiavo ny zavatra izay nampianarin'ny Tompo momba ny fahatongavana ho mpianany.

- Inona ny zavatra ampianaran'ireo andininy ireo momba ny fahatongavana ho tena mpianatr'i Jesoa Kristy marina?
- Amin'ny fomba ahoana araka ny eritreritrao no "hahavery" ny ainy any aoriana any ireo olona izay mifantoka amin'ny sitrapony sy ny faniriany feno fitiavan-tena?
- Inona araka ny eritreritrareo no dikan'ny hoe hamonjy ny ainao ianao raha mahavery izany ho an'i Jesoa Kristy?

Ny Filoha Thomas S. Monson (1927–2018) dia nanazava ny hevitry ny hoe mahafoy ny aintsika ho an'i Jesoa Kristy.

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *Becoming a Disciple of Jesus Christ.* Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.



Ireo izay miasa ho an'ny tenany irery ihany dia hampihena ny tanjany ara-panahy, izany hoe hamoy ny ainy, fa ireo izay manokana ny fotoany hanompoana ny hafa kosa dia hitombo sy hiroborobo—ary dia hanavotra ny ainy. (Thomas S. Monson, "Inona no zavatra nataoko ho an'ny hafa androany?" *Liahona*, nôv. 2009, 85)

- Iza no olona fantatrao fa nisafidy ny hamery ny ainy noho ny amin'i Jesoa Kristy? Inona no fiantraikan'izany fanapahan-kevitra izany teo amin'ny fiainan'io olona io?
- Inona avy no fitahiana azonao satria niaina ireo fampianarana ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo i Jesoa Kristy?

## Reseo ny fanelingelenana sy ny fialan-tsiny

Vakio ny Lioka 9:57–62, mba hitadiavana ireo zavatra izay tian'ny olona sasany hatao mialoha ny hanarahany ny Mpamonjy.

- Inona ny zavatra ampianaran'ireo andininy ireo momba ny fahatongavana ho tena mpianatr'i Jesoa Kristy marina?

Tsy nilaza mihitsy i Jesoa Kristy fa tsy mety ny misaona ny fahafatesan'ny havan-tiana na ny manao veloma ny namana sy ny fianakaviana. Fa Izy kosa dia nampianatra azy ireo lesona manan-danja momba ny sarany takina amin'ny maha-mpianatra.

Ny Filoha Howard W. Hunter (1907–1995) dia nanazava ilay fanoharana momba ny angadinomby ao amin'ny Lioka 9:62.



Mba hihadiana tatatra mahitsy iray [na lavaka iray], dia mila mibanjina tsara amin'ny toerana anankiray eo alohany ny mpiasa tany iray. Manampy azy hijanona amin'ny lalana mahitsy izany. Raha toa anefa izy ka miherika mijery izay efa vitany, dia mitombo ny mety hampivily lalana azy. Mivilambilana sy tsy araka ny tokony ho izy ilay tatatra na ilay lavaka avy eo. . . . Raha mifantoka amin'ny zavatra eo alohantsika—amin'ny fiainana mandrakizay sy ny fifaliana noho ny famonjena—ny herintsika fa tsy amin'ny zavatra any aoriantsika dia tena ho azontsika tokoa izany. (Howard W. Hunter, "Am I a 'Living' Member?" , May 1987, 17)

- Inona avy ireo antony iraisan'ny rehetra izay mahatonga ny olona ankehitriny hisafidy ny tsy hanaraka ny Tompo?
- Ahoana no ahafahanao mijanona mifantoka amin'ny zavatra nasain'ny Mpamonjy hataonao ankehitriny sy amin'ny ho avy?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *Becoming a Disciple of Jesus Christ*. Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.